# Ilay Voa Tsara Nafafy 04 Janoary 2020

**4** **Asabotsy**
janoary

**Ary, indro, nisy lehilahy anankiray mararin'ny paralysisa nandry tamin'ny fandriana, nentin'ny olona teo aminy ; ary Jesosy, nony nahita ny finoan'ireo, dia nanao tamin'ilay mararin'ny paralysisa hoe : Matokia, anaka ; voavela ny helokao.** Matio 9. 2

## Ireo tenin'ny Filazantsara : Voavela ny helokao

*Tsara vakina : Matio 9. 1-8*

Mety hahagaga anao angamba ny teny voalohany nataon'i Jesosy tamin'ilay lehilahy mararin'ny paralysisa. Nahoana Jesosy no mamela heloka azy ? Tsy tokony nositraniny ve io marary io ? Olona tsy afa-mihetsika no nentina teo amin'i Jesosy, na dia mpanota aza izy io ! Nefa tsy ilay heverintsika tsy akory no tsy fahafahafaha-mihetsika lehibe indrindra, fa ilay tsy fahafahafaha-mihetsika ateraky ny ota, ka manimba ny maha isika antsika sy mihazona antsika ho lavitra an'Andriamanitra.

Tamin'ny olona sasantsasany nanatrika teo, dia fitenenandratsy io tenin'i Jesosy io. Fa manao ny tenany ho Iza moa Jesosy ? Andriamanitra irery ihany no afaka mamela heloka ! Matoa mantsy Jesosy afaka mamela heloka, dia satria Andriamanitra tokoa Izy. Nataony hita miharihary ny zava-marina, izany hoe nasehony ny fahefana maha Andriamanitra Azy. „Mba ho fantatrareo fa ny Zanak'olona manana fahefana etỳ ambonin'ny tany hamela heloka (dia hoy Izy tamin' ilay mararin'ny paralysisa) : Mitsangàna". Dia tanteraka teo no ho eo izany ! Nitsangana ilay lehilahy. Tsy ilay lehilahy malemy intsony, fa lehilahy efa mijoro tsara. Ny famelan-keloka omen'Andriamanitra dia mampijoro tsara antsika sy manafaka antsika.

Ny Filazantsara dia milaza fa mpanota isika, ary tokony hanaiky izany, na dia mafy aza ny mandre izany ; fa mahatalanjona kosa ny hafatra sisa lazainy : Mamela ny fahotana Andriamanitra ary mamafa izany. Ny olona tsirairay dia afaka mandray ny teny mahagaga hoe : „Voavela ny helokao". Mbola manan-kery mandraka ankehitriny izany teny izany, ka aoka horaisintsika. Dia ho afaka hiteny amintsika ihany koa Jesosy hoe : „Mitsangàna, ka mandehana". Ho afaka manatona ny hafa am-pifaliana isika, ka hijoro ho vavolombelona amin'ny zava-mahatalanjona nataon'Andriamanitra ho antsika.